REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

FARITRA MATSIATRA AMBONY
KAOMININA TANAMARINA BEKISOPA

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-10-26-D/CR/TAN/BKS

MOMBA NY FAMETRAHANA NY RAFITRA IFOTONY FIKÁONAN-DOHA ETO ANIVON'
KAOMININA TANAMARINA BEKISOPA

- Araka ny lalampanorenana
- Araka ny Lalàna fehizoro laharana faha-2I4-0I8 tamin'ny 12 septembre 20 14,nofenoin'ny lalana fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogosi- tra 2016,ifehezana ireotandrifim-pahefana.
Ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra it: injaram-pahefana ary ireo fitantanana ny raharahany manokana.
- Araka ny lalàna laharana faha-20I4-020 tamin'ny 27 septembre 20I4,novain' ny lalàna laharana faha-20I5-008 tamin'ny I avril 20I5,mikasika ny lohara- nom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsin-jaram-pahefana,ireo fombafo- mba fifidianana ary koa ny fandaminana ny fomba fiasa ary ny anjara raha- rahan'ireo rafitra ao aminy.
- Araka ny lalàna laharana faha-20I4-02I tamin'ny 12 septembre 20I4 mika- sika ny fisoloantenam-panjakana.
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-20I4-1929 tamin'ny 23 desambra 20I7 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin' ny laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septembre 20I4 mikasika ny fisoloan- tena mpanjakana.
- Araka ny didim-panjakana fampiharana laharana faha 20I5-957 tamin'ny 12 Jolay 20I5 mikasika ny rafitra ifotony Fikaonan-doha eo anivon'ny vondrom- bahoaka mparitra itsinjaram-pahefana.
- Arakany didim-panjakana laharana faha-20I5-960 tamin'ny 16 jona 20I5 amerana ireo anjara raharahan'ireo Lehibén'ny Mpanatanterakak'ireo Vondro- mbahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.
- Araka ny didim-pitsarana laharana faha-105/25/TA/FI/EL/COM navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny fanjakana tamin'ny 22 janvier2025, manambara ny vokatra ofisialy ny voka-pifidianana Ben'ny Tanana sy Mpano- lontsaina natao ny 11 desambra 2024.
- Araka ny fanapahañä laharana faha-005-26-del-cons-TAN/BKS tamin'ny 06/ 07/2026"Mametraka ny rafitra ifotony fikáonan-doha"noraisiny Filan-kevitr Tanamarina Bekisopa.

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO:

Andininy voalohany.- Mitsangana eto amin'ny Kaominina ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha na Structure Locale de Concertation (SLC) manomboka ny datin'izao Didim-pitondrana izao.

Andininy 2.- Ferana ho Sivy amby telompolo (39) ny isan'ny Mpikambana ao anatin'io Rafitra Ifotony Fikaonan-doha io, solontena avy amin'ny kolejy miisa Telo ambin'ny folo (13) izay lazaina manaraka ireto ny Kôlejy misy sy ny isan'ny solontenany tsirairay avy, ka tafiditra ao anatin'izany ireo solontenam-pokontany mpikambana avy hatrany araky ny Andininy faha 9 amin'ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957 :

KOLEJY	Isan'ny Solontena
1. Mpanatanteraka	Telo (03)
2. Mpanolo-tsaina	ROA (02)
3. Sampandraharaham-panjakana	EFATRA (04)
4. Vondron'ny mpanao politika	ROA (02)
5. Fanabeazana	TELO (03)
6. Fikambanam-behivavy	TELO (03)
7. Fikambanana tanora sy fanatanjahantena	ROA (02)
8. Fahasalamana	TELO (03)
9. Mpandraharaha ara-toekarena	ROA (02)
10. Fikambanan'ny olobe sy ny Raiamandreny To-teny	TELO (03)
11. Vndrona ara-pinoana sy fivavahana	ROA (02)
12. Lehiben'ny Fokontany	FITO (07)
13. Vondron'ny Hazomanga sy ny Tranobe	TELO (03)
14.	

Andininy 3.- Ny fomba fandaminana, ny fomba fiasa ary ny fampandehanana ny SLC dia voarakitra ao anatin'ny fitsipika anatiny, izay ahazoana fankatoavana eo amin'ny mpikambana, amin'ny fotoam-pivoriana voalohan'ny SLC, mifanaraka amin'ny voalazan'ny didim-panjakana 2015-957.

Andininy 4.- Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro sy ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana.

Andininy 5.- Foana ary tsy manankery intsony ireo fepetra rehetra mifanohitra amin'izao didim-pitondrana izao izay raketina an-tsoratra.

Natao tao Tanamarina ny 06 Jolay 2026

Arrivé S/N. 02/26 - CD/BEK/el
du : 20/07/26

Ny Ben'ny Tànàna, LE MAIRE

COMMUNE RURALE TANAMARINA BEKISOPA

RALAHIRAVO Arinosy

Repoblikan'I Madagasikara
Fitiavana-Tanindrazana- Fandrosoana
****

MINISTERE DE L'I NTERIEUR ET DE LA DECENTRALISATION

PREFECTURE DE FIANARANTSOA

DISTRICT D'IKALAMAVONY

N° 02-2026 -CR/BEK/CL

ATTESTTATION DE CONFORMITE

Le CHEF DU DISTRICT d'Ikalamavony soussigné atteste par la présente que, l'arr N°10-26-D/CR/TAN/BKS du 06 juillet 2026, portant création de la Structure Locale de Concertation (SLC) dans la commune Rurale de Tanamarina Bekisopa, reçue au bureau du district d'Ikalamavony, le 20 Juillet 2026, est apprécié conforme à la légalité en vigueur tant sur la forme que sur le fond.

La présente attestation est délivrée à la Commune Rurale de Tanamarina Bekisopa pour valoir et servir ce que de droit

Ikalamavony, 31 Juillet 2026

CHEF DE DISTRICT
DISTRICT IKALAMAVONY
RAMBOAVONJY
Rangotahina Oniniaina
Administrateur Civil